VALANARETINA CORONAVIRUS

Tafakatra 559 ny tranga vaovao

Tarehimarika farany ny valanaretina Covid-19, tafakatra 559 ny tranga vaovao, 11 no lavo teto Madagasikara ny 8 aprily teo.
559 ny tranga vaovao hita tamin'ireo 1730 nanaovana fitiliana teto Madagasikara ny 8 aprily 2021 : 439 Analamanga, 6 Atsinanana, 12 Diana, 9 Alaotra Mangoro, 7 Matsiatra Ambony, 7 Boeny, 8 Sava, 16 Atsimo Andrefana, 1 Vatovavy Fitovinany, 16 Menabe, 8 Analanjirofo, 8 Anosy, 7 Itasy, 4 Bestiboka, 11 Melaky.
201 sitrana : 115 Analamanga, 20 Atsinanana, 12 Diana, 1 Alaotra Mangoro, 3 Matsiatra Ambony, 6 Boeny, 11 Vakinankaratra, 18 Analanjirofo, 2 Anosy, 13 Sofia.
11 namoy ny ainy noho ny aretina Covid-19 ny 8 aprily : 5 Analamanga, 2 Atsinanana, 1 Diana, 2 Boeny, 1 Sava. Tafakatra 486 ny isan'ny olona matin'ny aretina Covid-19 hatramin'izay nidirany teto Madagasikara.
3251 ireo mbola manaraka fitsaboana ankehitriny, 288 amin'ireo no misy tranga fahasarotana na "forme grave".

Stefa

Tarehi-marika faran'ny coronavirus teto amintsika.

Nodimandry i Rindra amin'ny Tarika Rindra

Misaona indray ny tontolon'ny kanto eto amintsika, nodimandry i Rindra amin'ny Tarika Rindra. Lavo noho ny valanaretina covid19 Rindra Razakaharison, mpihira sy mpamorona ao amin'ity tarika anisan'ny malaza amin'izao fotoana ity. Nodimandry omaly zoma 9 aprily 2021 noho ny aretina Covid-19 i Rindra Razakaharison, ao amin'ny tarika Rindra, anisan'ny hira nahafantaran'ny maro azy ny hoe: "Mitia mangina". Ny gazety Ny Valosoa Vaovao dia mirary fionona feno ho an'ny fianakaviany, sy ny Tarika Rindra ary ireo mpankafy ny tarika.

Niaina

Rindra tao amin'ny Tarika Rindra fahavelony.

Mazotoa mihira

Amin'izao fahasarotana noho ny valanaretina coronavirus izao, tsy ho an'ny mpitondra ihany, na ny mpomba azy, ny fitsaboana sy ny fanafody ary ny fanampiana avy amin'ny mpamatsy vola iraisam-pirenena, fa ho antsika rehetra, na ho antsika jiaby tsy ankanavaka. Fotoana ihany koa izao anehoana ny firaisankina. Hira mahakasika an'izay no atolotra anao androany, hiran'i Njakatiana : Antsika Jiaby. Koa dia mazotoa mihira ary.

ANTSIKA JIABY

1 Tsaikin'ny Mahajanga, tsisaky sifirity e
Tsy tia vandivandy zama sady tia fihavana
music
Olon'i Mahajanga zama tsy tia lekalize
Koa finamanan-dreo ambara, ambara tena izy e!
Music
Ze tia miseho role fifankatiavana ro amposeho
Satria Gasikara baba an'antsika jiaby izy e o!
Ah zalah...chauffer...attention...aza mialangalana...
Satria ty n'anao ... bakeo....ty n'akahy
N'anao madamo na ramose, tsara mitana fihavanambe
Satria Gasikara bavata be, baba, niny e!
Music
Fidio 'zay tiagnao gna kidoro gna farafara
Le mila fihavagnana aza adignonao Fianara
Samy matsiro iaby na ny koba na ny mofo gasy
Tsa misy mahavita taigna ho aho antsika malagasy
Fianarntsoa, Ambositra, Vohipeno, Manakara
Manampy ny toe-karenan-tsika eto Gasikara
Miandry agnao anay ry monsieur f'ao ry Gerard a
Andao hirevy kidombilo sy ambodivoara
music
Eto antika niany! Hum! aia ianao babany?
'Zahay bôka faritra tsy hainareo fa olo tsy manavakavaka
Olo tsy mba miherign'olo fa mba te hihavana aminareo
Tsy tsara koa mifanary e, olo mifankatia! araiky fo tsika, fô tony Madagasikara antsika jiaby
music ...

2 mmmmm.....antsika jiaby ...4 Madagasikare ...antsika jiaby...3 kawitry 4
music '
Zahay avy eto larivo tsy manambanimbany
Tsy tia manambaka, te ho marina hatrany
Fihavanana aminay e no tena tarigetra!
Satria i Gasikara dia antsika rehetra!
Raha toa fanirinareo ny hiaraka aminay
'Zahay koa mila fitia ary te hiray
Aza misalasala, tonga dia tongava ..2 ieeee....
Music
Lamako (2)...avereno...antsika jiaby ary e
music
Tena marigny tsy balawasy arah fa Tamatave tsara e!
Tsara fômba toetra ndraiky fa ny any tsy tia mizararazara e! music
Izy koa hitsangatsangana tongava aminay atôy
Tsy manavaka saranga fa Gasikara raika fô
music
'Zahay Toliara tsy olo be bagara 'Zahay mila longo fa tsy mila zisitoara
music
'Zahay Tolozy tsy mampiasa zôny rozy
Mahazo militsy iaby ndre olo be ndre papozy....
music
Mivavake 'zahay mba hilongo tsika iaby
Safe le Gasikara antsika iabiaby e....
Eo ty a ...mavandy avao ... asio ty a... alefa!
Antsika iaby... asio ty a, alefa, antika iaby!
music
Tsy misy ty manavake fa olo raiky avao! Ze gasy hitanao reveo fa longonao avao!

Mpihira: Njakatiana.

Sakafo Ny Valosoa

Fon-kenomby saosy tongolo indray no laoka, amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso ananambo sy angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

NY VALOSOA sy Mahasoa

Fomba natoraly fitsaboana ny tosi-drà midina

Fomba natoraly fitsaboana ny tosi-drà midina indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Vitsy kokoa ireo olona no manana tosi-drà midina, raha oharina amin'ireo manana tosi-drà miakatra.
Mety hanelingelina ihany anefa izy io, ka izany indrindra no anton'ireto torohevitra ireto, raha sendra izany. Rano no sotroina mba hanala ny fanelingelenana entin'ny fidinan'ny tosi-drà, indrindra rehefa tena migaingaina be iny ny hafanana.
- Tsy atao indray migoka fa ampitomboina tsikelikely miandalana. Tsy tokony ho adinoina kosa fa mila rano 2 litatra isan'andro ny vatana, mba hahasalama tsara azy.
- chocolat : ho an'ireo midina tosi-drà tampotampoka dia singana chocolat iray fotsiny no tsara hanina. Ireo karazany mainty, betsaka tahana kakaô no safidiana, mba handaitra kokoa, noho ilay singa «théobromine » ao aminy.
- Fromage indray kosa dia ahitana sira, ka izay no mahatonga azy handamina ny tosi-drà, raha midina.
Azo atao ihany koa ny mihinana olive, na poivron, na vinaigre, satria samy ahitana sodium, misoroka ny fidinan'ny tosi-drà izy ireo. Tandremana ihany anefa tsy ho diso be loatra ny sira, sao mampiakatra loatra ny tosi-drà indray.
- Kafe sy dite : iray kaopy isan'andro ihany no sotroina dia mandamina tosi-drà, noho ny "caféine" sy "théine" ao anatiny. Tsy tokony hatao mihoatra io fatra io, fa manjary mety mahatonga ny fo hidobodoboka loatra indray.
- Fruit séc na voankazo namainina : ny fisian'ny vitamine B ao anatin'izy ireny no mahatonga azy handrindra ny tosi-drà. Amande, voaloboka, "noix"… Samy mety avokoa. Ahitana io vitamine io koa ny legioma sy ny varim-bazaha.
- Hena : tsy voatery mihinana betsaka, fa kelikely ihany indrindra ny henan'omby, mba tsy ho be loatra indray ny menaka miditra amin'ny vatana.

NY VALOSOA sy Mahaliana

Ny tanànan'i Komajia any amin'ny distrikan'i Mampikony, faritra Sofia

Ny tanànan'i Komajia any amin'ny distrikan'i Mampikony, faritra Sofia indray no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Komajia ity tanàna ity. Any amin'ny faritra atsimo andrefan'ny faritra Sofia no misy azy. Efa azo lazaina ho avo toerana ihany izy, satria 230 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any Komajia ny vary, ny paraky, ny haninkotra isan-karazany, ny tongolo be,…